- ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra, izay manam-pahefana hatonina amin'io lafiny io ;

- ny Sampan-draharaha Teknika Miaro amin'ny Taratra, izay manana ny andraikitra fototra hamotopototra ny fangatahana fahazoan-dalana, hamaritra ny fenitra manokana ara-teknika ilaina, hisahana ny fanamarinana sy fanaraha-maso eny anivon'ireo olona nahazo alalana avy amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra ;
- ary ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra izay antokon-draharaha hiandraikitra manokana ny fisahanan-draharaha ho an'ny daholobe amin'io lafiny io amin'ny ankapobeny.

* NY LOHATENY FAHAROA dia atokana ho an'ny Fiarovana amin'ny taratra

Ao amin'io lohateny io, dia ilaina ny manamarika ireto hevitra manaraka ireto :

* Mikasika ireo fotokevi-dehibe momba ny fiarovana amin'ny taratra

Izy ireo no iaingan'ireo fepetra rehetra amin'ny fiarovana amin'ny taratra, ary averina lazaina ao anatin'ny rijanteny, dia ireto avy :

- ny fanamarinana ny fanao sy ny fidirana an-tsehatra,
- ny fitadiavana ny mety indrindra eo amin'ny fiarovana amin'ny taratra,
- ny fametrahana farafetra ho an'ny herintaratra.

* Mikasika fanomezan-dalana

Izany dia mikendry ny tsy hanomezana alalana afa-tsy ireo fanao sy sahan'asa ary koa ny loharanon-taratra izay azo heverina mialoha ny fitranga mety haterany ka aseho sy azo antoka ny fananan'ny mpanao fangatahana ny fahaizana sy ny fotaovana hanaovana fandrefesana ara-teknika sy arapitantanana mety ilaina mba hialana amin'ny fitomboan'io fitranga io.

* Mikasika ny fankatoavana

Atao eto izay ahazoana antoka fa ireo mpangataka fanomezan-dalana dia ekena fa manana fahaiza-manao hanatontosa sahan'asa (fitsaboana, fandraharahana ara-indostria, ara-barotra, mpitatitra voahofana, sns...) sy ahazoana antoka fa ny fanao sy ny loharanon-taratra miaraka aminy dia tafiditra tsara ao anatin'ny sehatry ny sahan'asa ary ireo loharanon-taratra dia tsy ho voahodinkodina amin'ny zavatra hafa.

* NY LOHATENY FAHATELO dia atokana ho an'ny famokarana sy fitantanana fako voavaikantaratra.

*Mikasika ny tompon'andraikitra amin'ny fako voavaikantaratra

Ny mpamokatra fako voavaikantaratra ihany no tompon'andraikitra voalohany amin'izy ireny, ary amin'ny tranga manokana dia ny Fanjakana.

*Mikasika ny andraikitra amin'ny Fitantanana fako voavaikantaratra

Eto anivon'ny firenena iray manontolo dia ankinina amin'ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra izany fitantanana izany.

Andraikitra ny mpamokatra azy ihany izany ho an'ireo fako vokariny.

* Mikasika ny fanomezan-dalana

Mitovy tamin'ny fiarovana amin'ny taratra voalaza eo ambony ihany ny zavatra kendrena eto.

* NY LOHATENY FAHAEFATRA dia milaza ny amin'ireo fomba entina manara-maso, ny fandraisana an-tsoratra ny fandikan-dalàna sy ny sazy mifanaraka amin'izany, ny fepetra ara-ketra sy fadin-tseranana ary ny fepetra tetezamita hahazoana manarina an'ireo zava-nisy teo aloha.

* Mikasika ny fiambenana sy ny fanaraha-maso

Apetraka indrindra eto ny hahamafy orina ny faneken'ny mpanao raharaham-panjakana, ny fitsarana ary izay voakasika an'ireo Mpiasa, ireo Manamboninahitry ny Fiarovana amin'ny taratra, ireo Mpiasa sy Manamboninahitra amin'ny fanaraha-maso ny fako voavaikantaratra na koa olona hafa izay hampiandraiketina ny fanaraha-maso amin'ny anaran'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra sy ny hanomezana azy ireo fahefana ampy hanatontosany ny iraka ampanaovina azy.

* Mikasika ny fanenjehana, ny fifanaraham-pihavanana ary ny sazy

Ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra dia afaka hanenjika avy hatrany eo anatrehan'ny Fitsarana mahefa ireo olona tsy manaja ny didy aman-dalàna manan-kery amin'ny sehatry ny Fiarovana amin'ny taratra sy ny fitantanana fako voavaikantaratra.

Ny lalàna dia manome lisitra tsy feno sy tsy voafetra mikasika ireo fepetra azo raisina raha sendra misy fandikana an'ireo didy aman-dalàna ireo.

Izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

Assemblée Nationale

LALANA LAHARANA FAHA-97-041
 MIKASIKA NY FIAROVANA AMIN'NY LOZA
 ATERAKY NY TARATRA MAMORONA IONA SY
 NY FITANTANANA FAKO
 VOAVAIKANTARATRA ETO MADAGASIKARA.

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny 25 Novambra 1997 izao lalàna manaraka izao :

LOHATENY VOALOHANY
MOMBA NY ANKAPOBEN-JAVATRA

ANDININY VOALOHANY.- Ity lalàna ity no mifehy ireo sahan'asa rehetra tafiditra ao amin'ny sehatry ny fampiasana ho amin'ny fandriampahalemana ny angovo nokleary eto Madagasikara mba hiantohana ny fiarovana ny olona sy ny tontolo iainana ary koa ny fahazoana antoka an'ireo loharanon-taratra izay miaraka amin'ireo sehatr'asa ireo.

Araka izany, dia mihatra amin'ireo sehatr'asa hafa rehetra mitarika fiatrehana taratra mamorona iona avy amin'ny loharanon-taratra tsy voavaikantaratra ihany koa ity lalàna ity.

ANDININY 2.- Ny atao hoe :

. FANKATOAVANA :

dia soratra avy amin'ny manam-pahefam-pitondram-panjakana anekena ny fananan'ny olon-tsotra na fikambanana mizaka zo iray fahaiza-manao na fahafaha-manao mba hahafahany hiantoka sahan'asa iray (matihanina na tsia) tafiditra ao amin'io sehatra io.

. FANOMEZAN-DALANA :

dia fahazoan-dalana nekena hita ao anaty antontan-taratasy nomen'ny antokon-draharaha mpametra-pitsipika ho an'ny olon-tsotra na fikambanana mizaka zo izay nametraka fangatahana, hikendrena fiantohana sahan'asa mitarika fiatrehana taratra mamorona iona, na hikendrena famokarana na fitantanana

fako voavaikantaratra na inona na inona karazany.

. FAKO VOAVAIAKANTARATRA :

dia vongana na akora misy radionokleida na niharan'ny fihanahan-taratra ana-radionokleida manana harihitra na vaika mihoatra ny fetra farany tsy anaraha-maso ary tsy misy zavatra noheverina fa hampiasana azy.

. ETONA VOAVAIAKANTARATRA :

dia akora voavaikantaratra izay ariana ao amin'ny tontolo iainana amin'ny endrika gazy, « aérosol », ranoka na vainga, amin'ny ankapobeny dia ikendrena ny fitapohana na ny fanaparitahana azy ireo.

. MPAMPIASA :

dia olon-tsotra na fikambanana mizaka zo fantatra fa manana andraikitra, fanekena ary adidy amina mpiasa izay ampiasainy noho ny fifanekena misy eo amin'izy ireo.

(Ny mpiasa tenany dia raisina ho sady mpampiasa no mpiasa).

. FANOBIANA (fako) :

dia ny fametrahana fako voavaikantaratra ao amin'ny toerana mety ahazoana antoka ny fitokanana sy ny fiarovana ny tontolo iainana, ny fiambenana ka ny tanjona amin'izany dia na ny fiandrasana izay hanatrarany fako ny fetra tsy anaraha-maso na ny hangalana azy indray mba hamboarina sy hokarakarina mba hotehirizina amin'ny toerana raikitra.

. FIATREHAN-TARATRA :

dia ny fiatrehana na fampiatrehana amin'ny taratra.

Mety ho ivelany (taratra ateraky ny loharanon-taratra any ivelan'ny tena) ny fiatrehan-taratra na anatin'ny (taratra ateraky ny loharanon-taratra ao anatin'ny tena).

Azo sokajiana ho tsotra na mety hiseho ny fiatrehan-taratra ; mety koa ho fiatrehan-taratry ny mpiasa, na fiatrehan-taratra medikaly na fiatrehan-taratry ny daholobe ; ary amin'ny fidirana an-tsehatra dia fiatrehan-taratra vonjimaika na miverimberina.

Ampiasaina ihany koa amin'ny fandrefesana herin-taratra ny teny hoe fiatrehan-taratra hoentina ilazana ny vaikan'ny fiforonana iona eny amin'ny rivotra amin'ny alalan'ny taratra mamorona iona.

. FIATREHAN-TARATRA VOAJANAHARY :

dia ny fiatrehan-taratra ateraky ny loharanon-taratra voajanahary.

. FIDIRANA AN-TSEHATRA :

dia izay hetsika rehetra atao hikendrena ny hampidinana na hialana ny fiatrehan-taratra na hanenana ny fetezan-ko azo ampoizina mety hiatrehan-taratra amin'ny loharanon-taratra tsy mikambana amina fanao araha-maso na tsy voafehy intsony taorian'ny voina iray nitranga.

. FARAFETRA :

dia ny sandan'ny habe ampiasaina amin'ny sahan'asa na fisehoana voafaritra izay tsy azo ihoarana.

. FOIBE FITANTANANA FAKO VOAVAIAKANTARATRA :

dia antokon-draharaha nampiandraiketina ny famaritana ireo fenitra manokana hikarakarana, hitaterana, hanobiana ny fako voavaikantaratra.

Ampiandraiketina azy koa ankoatra izany ny fisahanan-draharaha ho an'ny rehetra momba ny fitantanana ny fako voavaikantaratra.

. ANTOKON-DRAHARAHANA MPAMETRA-PITSIPIKA :

dia antokon-draharaha voatendry na eken'ny fitondram-panjakana amin'ny fomba hafa rehetra hametraka fitsipika amin'ny sehatry ny fiarovana sy fahazoana antoka amin'ny taratra.

Eto dia ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra izy io.

. ANTOKON-DRAHARAHANA AMIN'NY FIDIRANA AN-TSEHATRA :

dia antokon-draharaha nampiandraiketina ny fitantanana na ny fanatanterahana ny fidirana an-tsehatra amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny sehatry ny fiarovana amin'ny taratra, ary koa voatendry na eken'ny fahefana isan-tokony amin'ny fomba hafa rehetra hanao izany.

Eto dia ny Sampan-draharaha Teknika momba ny Fiarovana amin'ny Taratra izy io.

* OLONA NAHAZO ALALANA :

dia ireo olona manana fanomezan-dalana avy amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra.

. DAHOLOBE :

dia amin'ny ankapobeny, ny mponina tsirairay afa-tsy hoe amin'ny fampiharana fitsipika, rehefa eo am-piasana na eo am-pitsaboana azy izy no miatritaratra.

Raha amin'ny fanamarinana ny fanajana ny farafetran'ny herintaratra isan-taona ho an'ny fiatrehantaratra ny daholobe kosa, dia ny olona tsirairay heverina fa mahasolotena ny vondrona izay raisina hodinihina.

. FANAOKO :

dia fihetsiketsehana ataon'ny olombelona hampidirana loharanon-taratra na lalana miteraka fiatrehan-taratra amboniny, na mampitombo ny fiatrehan-taratra ho amin'ny olona maro kokoa, na manova ny tamba-jotran'ny lalana miteraka fiatrehana avy amin'ny loharanon-taratra efa misy, ka mampitombo ny fiatrehan-taratra na ny fetezan-ko azo ampoizina hiatrehan'ny olona taratra, na ny isan'ny olona miatritaratra.

. FIAROVANA SY FAHAZOANA ANTOKA (AMIN'NY TARATRA) :

dia ny fiarovana ny olona amin'ny fiatrehan-taratra mamorona iona na amin'ny akora manana taratra nokleary na voavaikantaratra sy ny fahazoana antoka ireo loharanon-taratra, ka tafiditra amin'izany ny fomba hiantohana io fiarovana sy io fahazoana antoka io, toy ny fitaovana samihafa sy fombafomba ampiasaina mba hitazonana amin'ny haavo ambany indrindra araka izay azo atao ary ho ambanin'ny famerana ny herintaratra ny vaikantaratra amin'ny olona sy ny fitranga mety haterany aminy, ary koa ireo fomba azo itsinjovana mialoha ny loza sy ny hanalefahana ny vokatra haterany raha sendra ka misy izany.

. TARATRA MAMORONA IONA :

amin'ny resaka fiarovana amin'ny taratra, dia izay taratra rehetra afaka mamokatra iona mivady ao anatin'ny akora biolojika.

. FITRANGA :

dia habe maro toetra, maneho ny mety ho fitrangan-javatra, ny loza na ny mety ho voka-dratsy na mitera-pahavoazana ateraky ny fiantrehantaratra efa niseho na mety hiseho.

Ny fitranga dia mifamatotra amin'ny habe toy ny fetezan-ko azo ampoizin'ny fisehoan'ny fahavoazana manokana ary koa ny habe na ny karazany.

. FETRA TSY ANARAHA-MASO :

dia haavom-baika tsy anaovana fanaraha-maso ara-pitsipika ny fako voavaikantaratra na ny loharanon-taratra manana vaika ambaniny.

. LOHARANON-TARATRA :

dia izay rehetra mety hiteraka fiatrehan-taratra.

. LOHARANON-TARATRA VOAJANAHARY :

dia ireo loharanon-taratra rehetra misy ao anatin'ny natiora, toy ny taratra kosmika sy ny loharanon-taratra avy any anaty tany.

. MPIASA :

dia ny olona rehetra izay miasa feno, na amin'ny ampaham-potoana na antselika ho an'ny mpampiasa ary fantatra fa manana zo sy adidy eo amin'ny sehatry ny fiarovana amin'ny taratra eo am-piasana.

(Ny mpiasatenany dia raisina ho toy ny manana ny adidin'ny mpampiasa.)

Andininy 3 :

Ny FAHEFAM-PIRENENA MOMBA NY FIAROVANA SY NY FAHAZOANA ANTOKA AMIN'NY TARATRA no ampiandraiketina ny fampiharana ity lalàna ity. Ny mpikambana ao anatin'ny sy ny fomba fiasany dia faritana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta.

Anjarany indrindra no :

- manomana ireo rijan-tenin'ny Didy aman-dalàna mifanaraka amin'ny sehatr'asa voalaza ao amin'ny andininy voalohany ery ambony ;
- mamaritra sy mametraka mazava ny andraikitry ny vondrona tsirairay voakasik'izany ;
- manome ny fanomezan-dalana rehetra amin'ny endriny rehetra voalaza ato anatin'ity lalàna ity ;
- mandray ny fanapahan-kevitra rehetra hanatanterahana ireo fepetra voalaza ao amin'ity lalàna ity sy ireo didy aman-dalàna fampiharana azy ;
- mametraka ny fitsipika momba ny fiarovana sy ny fahazoana antoka amin'ny taratra eo amin'ny lafiny rehetra eto Madagasikara.

Ireo fanapahan-kevitra rehetra raisin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra dia azo anaovana fampakarana avokoa.

Andininy 4 :

Ny SAMPAN-DRAHARAHA TEKNIKA MIARO AMIN'NY TARATRA, izay manana rafitra, anjara asa, fepetra fidirana an-tsehatra faritan'ny didim-panjakana dia manampy ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra amin'ny iraka hampanaovina azy eo amin'ny lafiny fiarovana amin'ny taratra.

Andininy 5 :

Ny Sampan-draharaha Teknika Miaro amin'ny Taratra dia manolotra amin'ny

Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoana Antoka amin'ny Taratra ireo fepetra araka ny lalàna izay ilaina horaisina mba hanatsarana ny fiarovana amin'ny taratra eto Madagasikara.

Andininy 6 :

Ny FOIBE FINTANTANANA NY FAKO VOAVAUKANTARATRA, izay manana rafitra, anjara asa, fepetra fidirana an-tsehatra, faritan'ny Didim-panjakana, dia manampy ny Fahefam-pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra amin'ny iraka hampanaovina azy eo amin'ny fitantanana fako voavakinaratra.

Andininy 7 :

Ny Foibe Fitantanana Fako Voavakinaratra dia manolotra amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra ireo fepetra araka ny lalàna izay ilaina ho raisina mba hanatsarana ny fitantanana fako voavakinaratra eto Madagasikara.

Andininy 8 :

Ireo fepetra ara-pandraharahana sy ara-teknika arahina, mba ahazoana fanomezan-dalana sy fankatoavana araka izay voalaza ato anatin'ity lalàna ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amana fepetra.

LOHATENY FAHAROA

MOMBA NY FIAROVANA AMIN'NY TARATRA MAMORONA IONA

TOKO VOALOHANY

MOMBA NY FARITRA FAMPIHARANA

Andininy 9 :

Ny fepetra voalazan'ity lohateny ity dia mihatra amin'ny sahan'asa sy fanao mitarika na mety hitarika fitrangana fiatrehan-javatra mamorona iona ato anatin'ny tanin'i Madagasikara, afa-tsy ireo izay tafiditra amin'ny sehatry ny fiarovam-pirenena.

TOKO 2

**MOMBA NY FOTOKEVI-DEHIBEN'NY FIAROVANA AMIN'NY
TARATRA**

Andininy 10 :

Ny sahan'asa sy ny fanao rehetra nahazoana alalana araka ity lalàna ity sy ireo rijan-teny raisina ho fampiharana azy dia :

- tsy miteraka fitranga tsy voara-maso ho an'ny fahasalamana sy ho an'ny fiarovana ny mpiasa, ny olona hafa miatrika taratra, ary ny daholobe ;
- ahitana ny fanatanterahana ireo fepetra sy fitandremana mikendry ny hahatomombana araka izay azo atao ny fiarovana ny olona sy ny fananany ary ny tontolo iainana hifanaraka amin'ny fitsipika ampiharina ;
- tanterahin'ny olona manana fahaiza-manao afaka hiantoka ara-asa ny fiandraiketana sy ny fanaraha-maso, ary manana ny toeram-piasana sy ny fitaovana sahaza izany.

Andininy 11 :

Tsy misy sahan'asa na fanao mitarika fiatrehantaratra mamorona iona azo omena alalana raha tsy miteraka tombotsoa azo tsapain-tànana ny fampiharana azy.

Ny fiandrehan-taratra azo avy amin'izany sahan'asa na fanao izany dia tsy maintsy tazonina amin'ny farany ambany araka izay azo heverina ho takatra manoloana ny zava-misy ara-tsosialy sy ara-ekonomika.

Na ahoana na ahoana, ny herin-taratra azo amin'ny fiandrehan-taratra dia tsy maintsy ho ambanin'ny fara-fetra voafaritry ny didy aman-dalàna.

TOKO 3
MOMBA NY FANOMEZAN-DALANA - MOMBA NY
FANKATOAVANA

Andininy 12 :

Ny sahan'asa sy fanao rehetra mitarika fitrangana fiandrehan-taratra mamorona iona dia tsy maintsy nahazoana alalana mialoha avy amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra eto Madagasikara.

Ny fangatahana fanomezan-dalana mialoha dia tsy maintsy atolotry ny olona efa nahazo fankatoavana avy tamin'ny Minisitery misahana ny anton'asa voakasika.

Andininy 13 :

Ny fanomezan-dalana mialoha momba ny fitaterana akora voavaikantaratra dia atao mifanaraka amin'ny fombafomba voafaritry amin'ny andininy 12.

Ny fitaterana nahazoana fanomezan-dalana toy izany dia tsy maintsy hanaraka

ireo fepetra voalazan'ny Fitsipika momba ny Fitaterana Akora Voavaikantaratra, navoakan'ny Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny Angovo Atomika (A.I.E.A.) sy amin'ny ireo fifanarahana iraisam-pirenena hafa mifamatotra amin'izany.

TOKO 4**MOMBA NY FEPETRA MANOKANA HO AN'NY MPIASA
MIATRITARATRA MAMORONA IONA****Andininy 14 :**

Voarara ny fampiasana olona latsaky ny 18 taona amin'ny sehatr'asa rehetra mitarika fiatrehan-taratra mamorona iona.

Ny fampiasana vehivavy afa-mitsai-jaza na bevohoka amina sehatr'asa mitarika fiatrehan-taratra mamorona iona dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny rijan-teny fampiharana ity lalàna ity.

Andininy 15 :

Ny fampiasana olona amin'ireo sahan'asa ireo dia tsy maintsy hifanaraka amin'ireo fepetra apetraky ny rijan-teny fampiharana ity lalàna ity sy ireo Fenitra iraisam-Pirenena momba ny Fiarovana amin'ny Taratra ho an'ny fiantrehantarany ny mpiasa, ka izany dia tsy manakana ireo fepetra hafa apetraky ny didy aman-dalàna manan-kery eto Madagasikara mikasika ny asa.

TOKO 5**MOMBA NY FANARAHA-MASO SY NY FANAMARINANA NY
FANDIKAN-DALANA****Andininy 16 :**

Rehefa mahazo baiko avy amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra manendry azy hamita iraka ny mpiasa sy ny manamboninahitra amin'ny fiarovana amin'ny taratra na olona hafa notendren'io fahefana io, nahavita fianianana araka ny andininy 38 ery ambany, dia afaka miditra sy manana ny fahefana rehetra hanara-maso amin'ny toerana rehetra mety itrangana na mety hisy fitrangana fiatrehan-taratra mamorona iona.

Ny olona mahazo alalana araka ity lalàna ity dia tsy maintsy mandray sy mampiditra ny mpiasa, manamboninahitra na olona voatendry hanatanteraka iraka hanao fanaraha-maso, hanao fanamarinana tsotra ara-potoana na tampoampoka, amin'ny toerana izay anatanterahana ireo sahan'asa na fanao nahazoana alalana ary mamela azy ireo hikirakira ireo antotan-taratasy rehetra mifanaraka amin'izany.

TOKO 6**MOMBA NY FEPETRA VONJY MAIKA****Andininy 17 :**

Raha sendra misy fahamaizana hita, ilay olona nampian-draketina ny fanaraha-maso dia afaka mandray avy hatrany izay fepetra tokony horaisina sy heveriny fa mety, mangeja mandritra ny fotoana voafetra ny loharanontaratra mamorona iona, ny registra sy antontan-taratasy mifanaraka amin'ny sahan'asa na fanao heverina ho tsy mifanaraka amin'ny lalàna, manao fitanana an-tsoratra ny zavatra rehetra mikasika ny iraka nalehany ary manao tatitra any amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny taratra izay handray ny fepetra heveriny ho mety.

Andininy 18 :

Raha misy tsy fanajana ireo fepetra momba ny fiarovana amin'ny taratra hita sy noraiketina amin'ny fitanana an-tsoratra araka ny andininy 41 ery ambany, na ihany koa raha misy loza mananontanona ny fiainan'ny olona, araka ny tolo-kevitra ny Sampan-draharaha Teknika Miaro amin'ny Taratra, ny Fahefam-Pirenena momba ny fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny taratra dia afaka manapa-kevitra mandidy ny fanajanonana avy hatrany ny sahan'asa na fanao heverina ho tsy mifanaraka amin'ny lalàna, ny fampiatoana izany, ny famerenana ny loharanon-taratra heverina ho tsy ara-dalona any amin'izay toerana nihaviany ka ilay nanao ny fandikan-dalona no hiantoka ny saran'izany.

Andininy 19 :

Araka ny fangatahan'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra izay mpanenjika, ny fitsarana itondrana ny ady na ny fampanoavana itondrana ny ady dia afaka mandidy izay fepetra rehetra tokony horaisina mba hampanarahana ny sahan'asa na fanao amin'ny fepetra rehetra voalazan'ity lalàna ity sy ireo rijan-teny fampiharana ka hametra fe-potoana hanatanterahana izany.

raha dila io fe-potoana io, dia azony atao ny mangeja ny loharanon-taratra mamorona iona heverina ho tsy ara-dalàna sy/na ny fitanana izany amin'ny alalan'ny Sampan-draharaha Teknika Miaro amin'ny Taratra.

**LOHATENY FAHATELO
MOMBA NY FITANANA NY FAKO VOAVAIAKANTARATRA**

**TOKO VOALOHANY
MOMBA NY FARITRA FAMPIHARANA**

Andininy 20 :

Ny fepetra voalazan'ity lohateny ity dia mandrakotra ny dingana rehetra amin'ny fitantanana fako voavaikantaratra indrindra ny fanavahana, ny fanangonana, ny fanivanana, ny fikarakarana, ny fanamboarana, ny fanobiana,

ny fanomanana amin'ny fitaterana ary ny fitaterana.

Ny fako voavaikantaratra hotantanina dia avy amin'ny famokarana na ny fampiasana radiokleida amin'ny fitsaboana, indostria, fambolena sy fiompiana, fikarohana, fampianarana, fikarohana sy fitrandrahana akora manana taratra nokleara eto Madagasikara.

Andininy 21 :

Ny faika vokatry ny famokarana, ny fanodinana na ny fampiasana akora voavaikantaratra dia heverina ho toy ny fako voavaikantaratra ka tsy azo aparitaka avy hatrany eo amin'ny tontolo manodidina na miaraka amin'ny fako tsotra.

Andininy 22 :

Ny fanafarana na fampidirana fako voavaikantaratra eto Madagasikara dia voarana tanteraka.

**TOKO 2
MOMBA NY ANDRAIKITRA**

Andininy 23 :

Izay olon-tsotra na fikambanana mizaka zo rehetra manana sahan'asa miteraka fako voavaikantaratra dia tompon'andraikitra amin'izany fako izany.

Andininy 24 :

Ny Fanjakana dia tompon'andraikitra amin'ny fako voavaikantaratra izay fantatra sy ekena fa izay namokatra azy dia na tsy afaka hitantana azy, na efa nesorina taminy ny fanomezan-dàlana, na tsy misy intsony, na tsy fantatra mihitsy.

**TOKO 3
MOMBA NY FOTOKEVI-DEHIBEN'NY FITANTANANA FAKO
VOAVAIKANTARATRA**

Andininy 25 :

Amin'ny ankapobeny, ny andraikitra amin'ny fitantanana fako voavaikantaratra eto anivon'ny firenena dia anjaran'ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra.

Andininy 26 :

Ny fitantanana fako voavaikantaratra dia anjaran'ny mpamokatra ireo fako ireo izay afaka mampandraikitra izany kosa amin'ny olon-kafa na antokon-

draharaha efa nahazo fankatoavana tamin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra.

Andininy 27 :

Ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra irery ihany no manana alalana hitahiry fako manana fitsingerenana lava na manana vaika ambony.

Andininy 28 :

Ankinin'ny Fanjakana amin'ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantatra ny fitantanana ireo fako voalaza eo amin'ny andininy 24.

Andininy 29 :

Ny olon-sotra na fikambanana mizaka zo mamokatra fako voavaikantaratra no miantoka ny vola ilaina amin'ny fitantanana izany fako izany.

Ny Fanjakana na ny fisampatsampanany dia mandray ho andraikitra ny fandanianana rehetra ateraky ny raharaha fitantanana ny fako tafiditra ao amin'ny fisahanan-draharaha ho an'ny rehetra izay sahanin'ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra.

TOKO 4 MOMBA NY FANOMEZAN-DALANA

Andininy 30 :

Tsy misy olon-tsotra na fikambanana mizaka zo mahazo mamokatra na mitantana fako voavaikantaratra raha tsy nahazo alalana an-tsoratra tamin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra.

Andininy 31 :

Ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra irery ihany no afaka milaza ny amin'ny fahafahan'ny mpangataka hitantana amin'ny fomba azo antoka ireo fako ka manaiky na tsia hanome izany lalana izany.

Andininy 32 :

Izay mitana fanomezan-dalana dia tsy maintsy manaja izay farafetra napetraka sy manatanteraka izay fepetra rehetra takiana ao amin'ny fanomezan-dalana.

Ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny

Taratra dia afaka manova, mampiato na manafohana ny fanomezan-dàlana raha toa ka mitsy tsy fanarahana ireo farafetra sy fepetra ireo.

Andininy 33 :

Ny fanomezan-dàlana mialoha momba ny fitaterana fako voavaikantaratra dia atao mifanaraka amin'ny fombafomba voafaritra ao amin'ny andininy 30, 31 ary 32.

Ny fitaterana nahazoana fanomezan-dàlana toy izany dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny Fitsipika momba ny Fitaterana Akora Voavaikantaratra navoakan'ny Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny Angovo Atomika (A.I.E.A) sy amin'ireo Fifanarahana Iraisam-pirenena hafa mifamatotra amin'izany.

Andininy 34 :

Ny fanariana na ny fandevonana ireo fako voavaikantaratra ranony na entona na iona na inona fiaviany, dia tsy maintsy ho nahazoana alalana amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra aorian'ny fandinihana ny antontan-taratasy handrefesana izay mety ho fiantraikany amin'ny tontolo iainana ary mifanaraka amin'ny didy aman-dalàna ampiharina amin'ny zavatra misy poizina.

**TOKO 5
MOMBA NY FANARAHAMASO**

Andininy 35 :

Rehefa mahazo baiko avy amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny taratra manendry azy hamita iraka ny mpiasa, ny manamboninahitra amin'ny fanaraha-maso ny fako voavaikantaratra, na ny olona notendren'io fahefana io, nahavita fianianana araka ny andininy 38 ery ambany, dia afaka miditra ary manana ny fahefana rehetra hanara-maso izay toerana rehetra itantana na amokarana fako voavaikantaratra, ary koa amin'ny toerana izay ahiana ho misy fako voavaikantaratra.

Ny olona izay mahazo alalana araka ity lalàna ity, dia tsy maintsy mandray sy mampiditra ireo mpiasa, manamboninahitra na olona voatendry hamita iraka hanao ny fanaraha-maso, ny fanamarinana tsotra, ara-potoana na tampotampoka amin'ny toerana rehetra izay itantanana na amokarana fako voavaikantaratra ary mamela azy ireo hikirakira ireo antontan-taratasy rehetra mifanaraka amin'izany.

**TOKO 6
MOMBA NY FEPETRA VONJY MAIKA**

Andininy 36 :

Raha sendra misy fahamaizana hita, ilay olona nampandraiketina ny fanaraha-maso dia afaka mandray avy hatrany izay fepetra tokony horaisina sy heverina fa mety. Azony atao araka izany, ny mangeja mandritra ny fotoana voafetra ireo antonta-taratasy mifanaraka amin'ny sahan'asa heverina ho tsy ara-dalàna, ny manao fitanana an-tsoratra ny vokatry ny iraka nataony ary mitondra tatitra amin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra izay handray ny fepetra izay heveriny fa mety.

**LOHATENY FAHAEFATRA
MOMBA NY FEPETRA ANKAPOBENY**

**TOKO VOALOHANY
MOMBA NY FIAMBENANA - MOMBA NY FANARAHAMA-MASO**

Andininy 37 :

Ireo fenitry ny fahazoan'antoka sy ny fiarovana amin'ny taratra ary ireo fepetra momba ny fiarovana sy ny fiambenana eo amin'ny sehatra fiarovana amin'ny taratra sy amin'ny fitantanana fako voavaikantaratra dia faritana amin'ny alalan'ny didy amana fepetra.

Andininy 38 :

Araka izay fangatahan'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra, ny mpiasa sy ny manamboninahitra momba ny fiarovana amin'ny taratra, ny mpiasa sy ny manamboninahitra amin'ny fanaraha-maso ny fako voavaikantaratra ary koa ny olona hafa rehetra voatendrin'io Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra io dia manao fianianana an-tsoratra eo anatrehan'ny Filohan'ny fitsarana Ambaratonga Voalohany eo amin'ny toerana onenany amin'ny mahampanao fitanana an-tsoratra mahazo alalana azy ireo.

Ny fianianana natao araka izany dia manan-kery eto amin'ny tanin'i Madagasikara.

Andininy 39 :

Eo am-panatanterahana ny iraka ataony, ny olona nampandraiketina ny fanaraha-maso dia faka mitaky ny fanotronan'ny mpiasa sy manamboninahitry ny hery mpitandro ny filaminana ary koa ny fanampian'ny teknisiana na manampahaizana hafa, ataka izay safidiny.

Andininy 40 :

Raha misy fanoherana na raha misy tsy maha-eo ny tompon'andraikitry ny toerana hanaovana fanaraha-maso, ny Filohan'ny Fitsarana eo an-toerana dia handidy ny hidirana an-keriny ao amin'io toerana io araka ny fangatahan'ilay olona voatendry hanao ny fanaraha-maso.

Andininy 41 :

Ny fandikana ireo fepetra voalazan'ity lalàna ity sy ireo rijan-teny fampiharana azy dia hanaovana fitanana an-tsoratra ataon'ny mpiasa na manamboninahitra na olona hafa nahavita fianianana araka ny andininy 38 ery ambony.

Andininy 42 :

Ny fitanana an-tsoratra dia tsy hasiana hajia ary tsy ilaina soratra amin'ny bokim-panjakana.

Manan-kery avy hatrany ny fitanana an-tsoratra mandra-pisian'ny porofo manohitra azy.

TOKO 2**MOMBA NY FANENJEHANA - NY RAHARAHAM-PIHAVANANA - NY SAZY****Andininy 43 :**

Ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antokoka amin'ny Taratra dia afaka manenjika avy hatrany eo anatrehan'ny Fitsarana ireo izay nanao fandikan-dalàna voatana an-tsoratra araka ny andininy 41 ery ambony. Azony atao ny manolotra izany fahefana izany ho an'ny Sampan-draharaha Teknika Miaro amin'ny Taratra na ny Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra.

Andininy 44 :

Izay rehetra fandikana ireo fepetra voalazan'ity lalàna ity sy ireo rijan-teny fampiharana azy dia mety hiharan'ny didim-pitsarana mandidy ny itehirizana ireo akora sy fitaovana, ny fitantanana azy ireo, ny fandravàna ny toeram-piasana, ny fampijanonana tanteraka ny sahan'asa mikasika ny loharanontaratra mamorona iona na ny fako voavaikantaratra. Mampiatrika izay nanao azy amin'ny fanamelohana ara-keloka sy/na ara-ady madio, arakaraka ny halehiben'ny fandikana sy ny fahavoazana aterany ihany koa izany fandika aizany.

Andininy 45 :

Ny fanoherana tafahoatra atao amin'ny iraka manao ny fanaraha-maso ao amin'ny andininy 16 sy 35 ery ambony dia iharan'ny sazy an-tranomaizina 2 volana ka hatramin'ny 2 taona.

Andininy 46 :

Iharan'ny sazy lamandy 5.000.000 Iraimbilanja ka hatramin'ny 50.000.000 iraimbilanja miampy na tsia sazy an-tranomaizina 6 volana ka hatramin'ny 5 taona :

- ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 10 sy/na 11 amin'ity lalàna ity sy ny didim-panjakana ary ny didim-pitondrana fampiharana azy ;
- ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 30, 33 sy/na 34 amin'ity lalàna ity sy ny didim-panjakana ary ny didim-pitondrana fampiharana azy ;
- ny fanohizana ny fanao na ny sahan'asa najanona na nahantona araka ny andininy 18 ery ambony ;
- ny fanohizana ny famokarana na fitantanana fako voavaikantaratra izay efa nahantona na efa nofoanana ny fanomezan-dalàna azy araka ny andininy 32 ery ambony.

Andininy 47 :

Iharan'ny sazy lamandy mitovy lanja amin'ny 100.000 US ka hatramin'ny 1.000.000 US miampy sazy an-tranomaizina 2 ka hatramin'ny 10 taona :

- ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 22 amin'ity lalàna ity mikasika ny fandrarana ny fanafarana sy ny fampidirana fako voavaikantaratra eto Madagasikara.

Ny fanandraman-keloka dia iharan'ny sazy mitovy amin'ireo ihany koa.

Andininy 48 :

Raha misy famerenan-keloka, ny lamandy dia atao roa heny ary hampiharina hatrany ny sazy an-tranomaizina, sazy mihatra.

Andininy 49 :

Ny lamandy voalaza amin'ny andininy etsy ambony dia takian'ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana ary arotsaka ao amin'ny kitampom-bolam-panjakana.

Andininy 50 :

Ny mpanao heloka dia afaka mangataka amin'ny Fahefana momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra ny handaminana ny raharaha amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana afa-tsy izay mikasika ny fandikana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-22.

Amin'izany dia feran'ny antokon-draharaha mpanenjika ny haavon'ny lamandy haloa ka ho anelanelan'ny 5.000.000 Iraimbilanja sy 50.000.000 Iraimbilanja arakaraka ny zava-mitranga.

Tsy maintsy aloan'ny mpanao heloka io vola io ary atsahany avy hatrany na ajanona tanteraka na antain'ny fotoana voafetra ny fanao na ny sahan'asa heverina fa tsy ara-dalàna mandra-pandamina izany fanao izany ka izy ihany no hiantoka ny saran'izany.

Mikasika ireo fako voavaikantaratra nampidirina amin'ny fomba tsy ara-dalàna teto Madagasikara, dia averina tsy misy fombafomba hafa any amin'ny nihaviany izy ireny.

Andininy 51 :

Ny fepetra fampiharana ireo and 49 sy 50 eo ambony ireo dia hofaritan'ny Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filakevitry ny Governemanta.

Andininy 52 :

Hajanon'ny Fitsarana mahefa ny fanenjehana araka izay fangatahan'ny sampan-draharaha manenjika rehefa hitany ireo taratasy manamarina ny fandoavana ny lamandy na ny fahalavorarian'ny fitakiana ny vola nifanarahana.

Andininy 53 :

Arakaraka ny karazany sy ny haben'ny fandikana natao, ireo famaizana voalaza amin'ity toko ity dia tsy manakana na ireo fepetra ara-keloka henjana kokoa ao amin'ny lalàna velona malagasy, na ny fanenjehana isan-karazany ataon'ny niharam-boina, na olona hafa manana tombontsoa amin'izany.

TOKO 3**MOMBA NY FEPETRA ARA-KETRA SY FADIN-TSERANANA****Andininy 54 :**

Tsy andoavana fadin-tseranana sy hetra ireo loharanontaratra mamorona iona, fitaovana fiarovana amin'ny taratra, fitaovana fitantanana fako voavaikantaratra, fitaovana fanaraha-maso sy fidirana an-tsehatra atolotra, ampiasaina, amboarina, afarana ary aondran'ny :

- Sampan-draharaha Teknika Miaro amin'ny Taratra ;
- Foibe Fitantanana Fako Voavaikantaratra ;
- Sampan-draharaha ofisialy hafa mpanombana ara-teknika nokleary notendren'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fiarovana sy ny Fahazoan'Antoka amin'ny Taratra ao anatin'ny sehatra fampiharana ity lalàna ity sy ireo rijan-teny fampiharana azy.

TOKO 4**FOMBA SY FEPETRA ISAN-KARAZANY****Andininy 55 :**

Izay rehetra mitana na inona na inona antony, loharanontaratra mamorona iona sy izay rehetra mamokatra fako voavaikantaratra na mpikarakara toeram-piasana fitantanana fako voavaikantaratra talohan'ny daty nivoahan'ity lalàna ity dia tsy maintsy manamarina ny mombamomba izany mba hifanaraka amin'ireo fepetra takian'izany lalàna izany, sy ireo rijan-teny raisina ho fampiharana azy,

ao anatin'ny fe-potoana feran'ireo rijan-teny ireo.

Andininy 56 :

Ny fomba fampiharana ity lalàna ity dia tsy maintsy mijery mandrakariva ny traikefa malagasy ary koa ny fandrosoan'ny fotokevitra sy fenitra iraisam-pirenena indrindra fa ireo izay nekena sy navoakan'ny Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny Angovo Atomika (A.I.E.A.).

Andininy 57 :

Ny fepetra teo aloha rehetra ka mifanohitra amin'ity lalàna ity dia foana avy hatrany.

Andininy 58 :

Ireo fepetra rehetra tsy mifanohitra amin'ity lalàna ity dia ampiharina hatrany mandra-pisian'ny fanovana na fanafoanana azy ireny.

Hisy didim-panjakana sy didim-pitondrana horaisina araka izay ilàna azy ho fampiharana ity lalàna ity.

Andininy 59 :

Havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-25 Novambra 1997.

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIAMANJATO *Richard Mahitsison*